Torolalana ho an’ny fankalazana ny dihin’ny varika maneran-tany taona 2020

Mankalazà ny dihin’ny varika maneran-tany! Ndeha hahely amin’izao tontolo izao ny maha zava-dehibe ny fiarovana ny varika mandritra io andro io dia ny Zoma faha 30 Oktobra 2020 ho avy izao. Ny fankalazana dia afaka tanterahina mandritra ny herinandro mialoha na aorian’io daty io.

Ireo logo dia azo alaina ao anatin’ny DropBox

Ny olona rehetra dia asaina hampiasa ny logo ho an’ny dihin’ny varika maneran-tany na amin’ny tambazotra sosialy na amin’ny sary rehetra tiana ampiasaina amin’io fankalazana io. Ao amin’ny logo dia ireto karazana varika telo ireto no naseho manokana : Ny Varikay (*Eulemur collaris*), ny Simpona (*Propithecus diadema*) ary ny Sifaka na Tsibahaka (*Propithecus coronatus*). Mangalà iray na telo amin’ireo logo ireo.

Azo alaina eto izy ireo Dropbox folder miaraka amin’ireo soratra hoe “World Lemur Festival 2020” sy “World Lemur Day October 30, 2020”, miaraka amin’ny soratra miloko fotsy na mainty. Ny soratra dia natao amin’ilay endrika atao hoe “Raleway font” (azo alaina eto amin’ny Google Fonts); raha azo atao dia io endri-tsoratra io ampiasaina Ny sarin’ireo varika tsy misy ny soratra dia napetraka ao ihany koa.

Alaivo eto ireo rehetra ireo (Dropbox)

Marihina fa hitanao ao anatin’ny tranonkalan’ny LCN amin’ny teny Malagasy avokoa ny toro-lalana sy fitaovana ho fanabeazana afaka ampiasaina.

Toro-lalana ho an’ny tambazotra sosialy mandritra ny dihin’ny varika maneran-tany

1. Mampiasà an’ireto hashtags #WorldLemurDay sy #WorldLemurFestival
2. Asehoy na asio “tag” ny tambazotra sosialin’ny Lemur Conservation Network. Ireto avy ny tambazotra sosialy ananan’ny LCN Facebook, Twitter, and Instagram.

Ireo lohahevitra eto amin’ny LCN amin’ity taona 2020 ity

Anisan’ny tena avoitra fa tena maika ny fanavotana ireo varika (98% an’ireo karazana varika dia ahiana ho lany tamingana avokoa ary ny 33% dia efa eo ambavahoana ny faharinganana (En danger critique d’extinction), fa ny fiarahantsika mientana dia tena hanampy betsaka amin’ny fanavotana ireo varika tsy ho lany tamingana.

Amin’ity taona ity dia indro ny lohahevitra eto amin’ny LCN:

Ndeha hiara-hientana ho an'ny varika: hianatra, hizara ary handray andraikitra miaraka!

Lohahevitra eto Madagasikara

Manana lohahevitra iraisana ihany koa isika eto Madagasikara. *Ho avy tsy ho ela ny andindiny mahakasika izany.*

Ireo hafatra tsara ampitaina momba ny varika

Ny varika dia biby tena mahaliana ary mahavariana ny fiainany, maro ireo zavatra azo resahina momba izany. Ireto misy zavatra vitsivitsy:

- **Tsy dia hoe mahafinaritra fotsiny no mijery ireo varika, fa tena mahavariana ihany koa izy ireo!** Mpamindra vovobony ary mpanaritaka ireo voan’ireo zava-maniry ny varika; manampy ny ala hitombo tsara izy ireo izany. Ahitana ireo fivoaran”ny primata voalohany ireo varika.
- **Ahiana ho lany tamingana ny varika.** Eo amin’ny 31% an’ireo karazana varika dia efa eo ambavahoana ny faharinganana – dingana iray sisa dia tsy hisy ho velona intsony izy ireo. Hianjadian’ny tsindry maro samihafa ny 98% amin’izy ireo, araka ny nambara ao

amin'ny lisitrin'ireo karazana zava-manan'aina ho lany tamingana navoaka tamin'ity taona 2020 ity na ny "2020 update of The IUCN Red List of Threatened Species".

- **Satria nosy i Madagasikara, ny ankamaroan'ireo varika dia eto Madagasikara ihany no ahitana azy.** Anefa dia miantefa tanteraka any amin'ny varika ary ireo hafatra omentsika, mahafinaritra ihany koa no mizara ny hamaroan'aina rehetra ananan'ny nosintsika. Ka ireo biby hafa toy ny fossa, sahona, ireo vorona sy maro hafa dia azo resahina sy avoitra ihany koa.

Tena manan-danja lehibe eo amin'ny fiarovana ny varika ireo mponina. Vohizo ao anatin'ny hafatra izay omenao fa ny olona REHETRA dia afaka manampy!

- Ny olona rehetra dia afaka manampy amin'ny fiarovana ny varika, tsy ankanavaka ny toerana misy na ny fiaviana. Tohano ny fiarovan'ny varika ka lazao amin'ireo namana, fianakaviana ny mahazava-dehibe ny varika. Ny fandraisana anjara amin'izany dia azo ary afaka atao amin'ny alalàn'ny firotsahana an-tsitrapo miaraka amin'ireo fikambanana eny ifotony miaro ny varika.
- Omeo lanja manokana ireo Malagasy mpikaroka, ireo Malagasy mpisehatra ao anatin'ny fiarovana ary ireo mponina mirotsaka ao anatin'ny fiarovana.

Toro-lalana ho an'ireo mpikambana ato amin'ny LCN

- Fotoana ahafahana mangataka fanohanana ara-bola ho an'ny asa ataonao momba ny varika ny andron'ny varika maneran-tany, ka afaka manantanteraka izany amin'ny alalan'ny "Facebook fundraiser" ianao mandritra ny herinandron'ny fankalazana. Amin'io fotoana io no tena mazoto ary liana hanohana ny olona, satria fotoana iray ho an'ny varika io ary indrindra raha manazava tetikasa iray manokana tokony ho tohanana ianao dia ho maro ireo mpanohana.

- Vohizo manokana ny fanazavana ireo karazana varika hiasanao ka afaka resahina ao anatin'ny iray andro ohatra ny karazana varika iray.

- Fotoana iray ny fankalazana ny andron'ny varika maneran-tany handefasana mailaka ireo mpanaraka sy mpanohana ka ahafahana mangataka fanohanana.

- Zarao amin'ireo tambazotra ny tantara kely momban'ireo sary izay nalainao momba ny asa ataonao. Zarao ireo fahombiazana, zarao ny tetikasa momba ny fiarovana tanterahina ankehitriny, zarao ny sarin'ireo toerana hiasanao, ary ireo sarin'ireo varika hita any amin'ny faritra hiasanao.

Sarin'ireo varika afaka ampiasaina

Manentana izahay eto amin'ny LCN mba hampiasanao ireo sarinao manokana, indro anefa misy sary izay azo ampiasaina:

- Mathias Appel's Flickr Page

- Ireo sary sy Logo 2020 ao amin'ny DropBox
- Sary ao amin'ny Dropbox

Torolalana ho an'ny fankalazana virtoaly na tsy mivantana

Noho ny fisian'ny valan'aretina Covid-19, dia iaraha-mahalala fa sarotra ny mikarakara hetsika mivantana! Ireto ary misy soso-kevitra hetsika tsy mivantana na virtoaly maromaro sy fomba tsotra hafa ahafahana mankalaza ny Dihin'ny Varika Maneran-tany na amin'izao fotoan-tsarotra izao aza.

- Jereo eto ny daty sy ny toerana misy ny fankalazana maneran-tany

Soso-kevitra amin'ireo hetsika tsy mivantana na virtoaly

- **Andianà horonan-tsary Facebook Live.** Manaova horonan-tsary Facebook Live mitohy maromaro mikasika ny asa tanterahinareo, na mikasika ny varika sy i Madagasikara amin'ny ankapobeny.

- **Fanasongadinana karazana varika iray isan'andro ao anaty tambazotra sosialy.** Omeo sehatra manokana ireo karazanà varika voakasiky ny asan'ny fikambanana na ireo hita any amin'ny faritra misy ny fikambanana.

- **Fikarakarana seminera an-tserasera ao amin'ny alalan'ny Zoom.** Azo atao ny miara-miasa amin'ireo fikambanana hafa mba ahafahana mikarakara seminera an-tserasera ho an'ny Mpikaroka Malagasy.

- **Fanontaniana sy Valiny (Q&A) ao amin'ny Facebook, Twitter na Instagram.** Anontanio mialoha ny mpanaraka anareo ireo fanontaniana manitikitika azy, ary valio tsikelikely mandritra ny herinandro izany.

Raha maniry hanatanteraka "Live na hetsika tsy mivantana ianareo", mandefasa mailaka aty aminay (nradavidrason@gmail.com na sehenocorduant.lemurnetwork@gmail.com) fa ho ampidirinay ao amin'ny lisitr'ireo daty sy toerana misy ny fankalazana izany.

Fitaovana ho fanabeazana

Boky firaketana hitsidihana an'i Madagasikara

Asaina mitsidika faritra telo izay ahitana ireo karazanà varika manamarika ny Fankalazana ny Dihin'ny Varika Maneran-tany 2020 ny mpianatra na ireo ankizy mandray anjara amin'ny fankalazana. Ireo karazana varika moa dia ny Varikay (*Eulemur collaris*), ny Simpona (*Propithecus diadema*) ary ny Sifaka na Tsibahaka (*Propithecus coronatus*).

Ny faritra tsirairay amin'izany dia manana pejy iray izay takelaka fampahalalana mba hianarana mikasika ireo karazanà varika ireo, ary manana asa na hetsika iray azo tanterahina ihany koa. Samy asaina manoratra mikasika izay nianarany ao amin'ny boky firaketana ny ankizy tsirairay.

» Alaivo eto ny boky firaketana hilalaovana (Amin'ny teny Anglisy)

» Alaivo eto ny boky firaketana hilalaovana (Amin'ny teny Malagasy)

» Alaivo eto ny torolalana amin'ny teny Anglisy

» Alaivo eto ny torolalana amin'ny teny Malagasy

Lemur Ethogram

Ity fitaovana iray ity dia manampy ny mpianatra sy ny ankizy hijery ireo varika any amin'ny fahi-bibidia (zoos) na any anaty ala. Raiso an-tsoratra ao anatin'ny fisy atao hoe "ethogram" ny fomba fiainan'ireo varika, ny fihetsiny ary ny fombafombany. Io no entin'ireo mpikaroka hijerena sy handinihina ny fomba fiainan'ireo karazana biby.

» Alaivo eto ny fitaovana entina manao ny ethogram (teny Anglisy)

» Alaivo eto ny fitaovana entina manao ny ethogram (teny Malagasy)

Boky fandokoana sy fianarana amin'ny teny Malagasy sy Anglisy avy amin'ny PICC Madagascar

Ity boky ahitana pejy miisa 40 ity dia misy sary natao holokoina sy lalao fianarana amin'ny teny Malagasy sy Anglisy, ao anatin'izany ny fikarohana teny, ny lalao fampifandraisana teny, ny fampianarana ny voambolana, ary ny tantaran'i Madagasikara sy ny Malagasy ary ny varika.
» Alaivo eto ny sarisary novokarin'ny PICC

Bokin'ny tetikasa AKO sy loharano hafa avy amin'ny Lemur Conservation Foundation (LCF)

Ny bokin'ny tetikasa AKO dia hita amin'ny teny Anglisy sy Malagasy. Ny mpampianatra dia afaka maka ny boky sy ny afisy ao amin'ny trano nkalan'ny Lemur Conservation Foundation. Ankoatr'izay, ny LCF dia manana andianà afisy azo alaina miisa enina mikasika ny fonenan'ny

varika, sy drafitra lesona maimaimpoana ho an’ireo tanora izay antsoina hoe : « Animal Fact or Fiction ».

» Raha te-hahalala bebe kokoa momba ny tetikasa AKO
» Ireo fitaovana fanabeazana vokarin’ny LCF